Fiainam-pirenena 3
**Miaina ao anaty krizy tsy mbola nisy toy izao ny Malagasy**

Ny Valosoa sy fakafaka 2
**Ny vahiny no mitari-dia ny fitondrana amin'ny tokony hataony**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 11 aogositra 2022 Laharana 1330 Vidiny : 500 Ar


Tanora FLM tsy nangataka nahazo 20 tapitrisa Ar 3
**Mpiasan'ny Secren mitaky ny karamany 9 volana tsy mahazo**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Tiko Antsiranana 2

# Nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina ny hetsiky ny TIM



## Afrobasket U18 vehivavy 6

# Tafakatra amin'ny ½-dalana ny Ankoay Madagasikara




## Vovonana Gasy Leo 3

# Hampiasa ny fahefam-bahoaka raha tsy handray andraikitra ny olom-boafidy



## Fanomezana anarana Malagasy foto-drafitrasa 2

# Rainilainga toy ny Filoha koa ny ministry ny serasera sy kolontsaina



Fifanintsanana CHAN 2022 8
**Tafita amin'ny dingana manaraka ny Barea fa…**

Ambasadaoron'i Etazonia 7
**Nijery ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny haintany tany Atsimo**

**Daka kely**

Ny tsy mangataka zany mahazo fa ny mangataka hodianareo fanina ry Boaikely a !

Tiko Antsiranana

# Nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina ny hetsiky ny TIM



*Ny herim-pamoretan-dRajoelina tany Antsiranana.*

Nosakanan'ny herim-pamoretan-dRajoelina koa ny hetsika saika ataon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny Tiko tany Antsiranana faritra Diana omaly. Araka ny nambaran'ny Prefet an'i Diego tsy azo anaovana fivoriana politika ny Tiko ao amin'ny Place Kabaro, izay toerana misy ny MBS any amin'ny faritra avaratry ny Nosy iny, na fananan'olon-tokona aza. Araka ny vaovao voaray avy any an-toerana: saika mba hikoragna amin'ny filoha nasiônalin'ny antoko Tim ireo mpikatroka any an-toderana, manararaotra ny fandalovan'ny Filoha Ravalomanana any ireo mpomba azy any an-toerana, nefa dia famoretana sy fanakanana izao no natao'ny mpitondra. Ny olona mipetraka sy miasa manodidina ity Tiko any Diego ity koa dia tsy nahazo niditra tamin'ny toerana nisy an'izy ireo, nandritra ny fanakanana nataon'ireo herim-pamoretana ireo. Raha ny nambaran'ireo tompon'andraikipanjakana tany an-toerana, tsy nahazoana alalana hono io hetsika famoriam-bahoaka saika nataon'ny antoko TIM io, nanao izany fanambarana izany ny mpitandro filaminana ao amin'ny OMC sy ny Prefet any an-toerana. Feno mpitandro filaminana, herim-pamoretana noho izany ny tany amin'ny Tiko Antsiranana sy ny manodidina. Avy any Ramena Diego II, anisan'ny voaasa niatrika ny Fihaonambe faha- 12 ny Sampana Dorkasy FJKM manerana ny Nosy ny Filoha Marc Ravalomanana, no saika hamonjy io fihaonana tao antampon-tanànan'Antsirananana io dia izao voasakana izao indray, na toerana fananana azy manokana aza ny Tiko. Tsy avela hivory ao an-tranony izany ny olona amin'izao fitondrana jadon-dRajoelina izao.

**Niaina**

Andrianasolo Ravelonanosy Clovis

# Tsy azo ihodivirana ny hanaovana ny fikaonandoham-pirenena



*Andrianasolo Ravelonanosy Clovis avy amin'ny antoko Fanare.*

Mirefarefa amin 'ny tany ny toe-tsain'ny fiarahamonina Malagasy amin'izao fotoana izao, satria miala tanteraka amin'ny soatoavina maha-malagasy ny olom-pirenena hoy Andriamatoa Andrianasolo Revelonanosy Solomon Clovis filoha nasiônalin'ny antoko Fanare(Fitondrana Andriamanjaka miaramiasa amin'ny Repoblika),no sady mpikambana ao amin'ny vondrona Rmdm. Nanohy fanazavana ity mpanao politika ity, fa tokony haverina indray ny fitsaram-bahoaka any ambanivohitra izay fitsarana efa nataon'ny faha Mpanjaka taloha ary saziana araka ny heloka nataony ny olona, mba tsy hamerin-keloka intsony. Nanohy fanazavana ity fa-rany, fa tsy azo ekena izany olona tsy maty manota izany eto amin'ny firenena ary tokony hamerim-bola na manao asa iombonana na migadra ireo olona tratra manao an'izany. Nilaza Andriamatoa Andrianasolo Clovis, fa tokony ho saziana ihany koa ireo olona na solontenam-panjakana mindrana vola amin'ny vahiny satria mampahantra ny vahoaka ary ireto farany ihany no hamerina izany vola izany amin'ny alalan'ny fandoavan-ketra. Nanamafy ity mpanao politika ity, fa manatsara ny fitantanadraharahampanjakana ny fanoloana ny Antenimierandoholona ho lasa Antenimieran'ny havan'Andriana izany hoe mijanona ho Andrimpanjakana mpanao lalàna sy olom-boafidy avokoa ny mpikambana ao aminy ary tsy manakorontana an'ireo rafi-panjakana hafa. Nanambara ity mpanao politika ity, fa tokony hiverina amin'ny fanorenana ifotony ny firenena amin'ny alalan'ny fifidianana ny Lalampanorenana vaovao mifanaraka amin'ny rafi-pitondrana maha Malagasy, fanjakan'Andriamanjaka: "Monarchie", izay rafitra hitondrana ny tany sy ny fanjakana. Nilaza izy, fa tokony hitovy tantana sy ho ambanin'ny lalàna avokoa ireo kandida izay hifaninana amin'ny fifidianana rehetra izay hatao ary tanterahina ao anatin'ny fahalalahana izany, mba tsy hisian'ny kandida mangalatra "Depart". Nanambara ny filohan'ny antoko Fanare, fa tokony hiala eo amin'ny fitondrana ny filoham-pirenena mandika ny Lalam-panorenana ary tsy azo ihodivirana ny fanatanterahana fikaonandoham-pirenena hitadiavam-bahaolana amin'izao Krizy izao, no sady miantso ny FFKM handray anjara mavitrika amin'ny fandaminana ny raharaham-pirenena. Miantso ny olompirenena rehetra hiarahiasa aminy ny antoko Fanare, mba handrodana ny mandan'i Jericho, izay mamotika ny fiandrianampirenena ary hametraka ny rafitra "Monarchie".

**Franck Razakambelo**

Fanomezana anarana Malagasy foto-drafitrasa

# Rainilainga toy ny Filoha koa ny ministry ny serasera sy kolontsaina

Tsy mbola hita hatramin' izao ny fanomezana anarana Malagasy ireo fotodrafitrasa samy hafa manerana ny Nosy. Mba fantatry ny filoha Rajoelina ve, ireo fampanantena nataon'ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina, Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy, efa tamin'ny volana mey 2019, fa ho ampitondraina anarana Malagasy ireo foto-drafitrasa maro samy hafa manerana ny Nosy toy ny sekoly, kianja, lalana, hopitaly, Toby miaramila, sns... Tsy misy maharary izany, kanefa toa lasa fampanantenana tsy tanteraka toy ireo maro hafa ihany koa, ny mahakasika io fanomezana anarana Malagasy ireo foto-drafitrasa samy hafa ireo, izay maro dia maro tokoa manerana ny Nosy. Tsy ireo any amin'ny Faritra ihany, fa na ny eto amin'ny faritra Analamanga dia somary efa tsy manantena intsony an'izany, kanefa raha ny marina dia efa vita ny asan'ireo commission, na ny vaomiera nampiandraiketina ny asa tamin'izany. Hita koa amin'izao, fa miato trano hambara ho Mozea Koltoraly etsy Ambohitsorohitra. Santionany ihany ireo, fa be ny endrika fitaka misy eto Madagasikara ataon'izao fitondrana Rajoelina izao.

**Niaina**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Ny vahiny no toa mitari-dia ny fitondrana amin'ny tokony hataony


Miharihary fa misy sehatra sy tranga nampangingina na niniana nohadinoina eto amin'ny firenena, nataon'ny fitondrana ao anatin'izao mbola fotoampiasany izao. Tranga izay tamin'ny fotoan'androny nandaniana ranomainty an-gazety sy noresahana be dia be tamin'ny haino aman-jery. Ninia nikimpy nanoloana izany ary tsy nandrenesam-peo velively momba ireny anefa ny tomponandraikitra samihafa isan-tsokajiny sy ny fitondrana. Dia zary nangingina teny ny raharaha, izay rahateo ve ny politika atao? Ny fihaonana nifanaovan'ny mpitondra malagasy notarihan'ny filohan'ny Repoblika sy ny Praiministra tamin'ny Vondrona Eropeana andro vitsy lasa izay no niresahana izany indray. Ireto vahiny manaraka akaiky ny toe-draharaha eto amin'ny firenena aza no nanokatra ny resaka izay vao nahitan-teny ireto mpitondra malagasy. Anisan'izany ny raharaha namonoan'ny sasany tamin'ny fomba feno habibiana ilay lehilahy mpiaro ny tontolo iainana, kanefa tsy hita akory izay tohin'ny fanadihadiana, na ny resaka fanafoanana ny fitiliana valanaretina eny amin'ny seranam-piaramanidina izay toa taraiky amin'izany i Madagasikara, sns... Ny hita sy re tamin'ny fampitam-baovao dia izay vao niezaka namaly ny filohan' ny Repoblika Rajoelina ary niseho nanome ny fepetra horaisina toy ny fampiharana manomboka amin' ity andro alakamisy ity, ny fanafoanana ny fitiliana eny amin'ny seranam-piaramanidina.

Raha tsy efa ny vahiny ve no miteny vao mody mikoropaka mandray fepetra toy izany? Izany hoe ny mpitondra malagasy ankehitriny ireo, dia mbola tarihan'ny vahiny amin'ny zavatra tokony hataony eto amin'ny firenena, fa tsy hainy ny lalana tokony haleha. Izany hoe, ny vahiny no mpitari-dia azy amin' ny sehatra maro samihafa, fa tsy henoiny ny feon'ny malagasy mpiray tanindrazana. Efa hita rahateo izany tamin'ny tranga maro nidradradradran'ny sarambabem-bahoaka, na teo amin'ny sehatra aratsosialy toy ny fidangan'ny vidim-piainana izay tsy zaka intsony, ka nikasana hidinana an-dalambe fa noraràna mafy tamin-kery; na teo amin'ny resaka ara-toekarena sy fihariana, ary indrindra teo amin'ny resaka politika toy ny fanavaozana ny lisi-pifidianana fotsiny, ohatra.

Azo adika tsotra izao, fa tsy manana ny maha izy azy amin'ilay tena maha malagasy saropiaro amin' ny taniny sy tia ny tanindrazany ny fitondrana Rajoelina. Raha mbola manan-kalahatra ny vahiny, toy ireto Vondrona Eropeana ireto manoro izay tokony ataon'ny fitondrana malagasy, ao anaty dinika toy ireny, dia firenena mampalahelo ny firenentsika ary anaovan'ny hafa tondro-molotra fotsiny.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mirana A.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Miaina ao anaty krizy tsy mbola nisy toy izao ny Malagasy

Tena miaina ao anaty fiadanana tokoa ny filohan'ny Repoblika Rajoelina sy ireo tandapa ary ireo mpanohana azy, ka jamba tanteraka manoloana ny zava-mihàtra amin'ny vahoaka, satria difotry ny harena azo tamin'ny fanodinkodinana ny volambahoaka. Miainga amin'ny zavatra hita sy tsapa ary iainan'ny vahoaka nandritra izay taona maro nitondran-dRajoelina Andry izay, no entina manaporofo fa misy krizy eto Madagsikara. Ny tena niteraka ny krizy rehetra dia ny fahalovan'ny toe-tsain'ny mpitondra, izay tsy mikendry afa tsy hampisongadina ny tenany sy te-hampiseho amin'izao tontolo izao, fa mahay mitantana sy manana vina entina mampandroso ny Firenena. Tsy izany ny zava-misy satria rehefa asain'ny mpitondra mitodika aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao, kanefa poakaty sy manala-baraka no hitan'izay rehetra nanantena hanovo zava-tsoa eto. Ny zava-doza dia hahiliky ny mpitondra any amin'ny loza voajanahary sy ny ady misy any ivelany ary ny mpanohitra, no lazainy fa hisatra manatara ny fampandrosoana raketin'ireo "vina" tsy marim-pototra narosan-dRajoelina Andry. Ny voalohany niteraka ny loza iainan'ny Malagasy dia ny krizy ara-politika satria ny hevitry ny "politika" dia làlantsaina entina mampandroso eo amin'ny sehatra rehetra ny tanàna iray. Araka izany dia rehefa tsy marin-toerana ny politikam-pitantanana dia tsy misy fampandrosoana azo antenanina avy amin'ny mpitondra. Politika politisiana mantsy no ataon'ny mahazo fahefana, fa tsy ilay politika araka ny namaritana azy tany am-boalohany, ka ny vokany dia misy ny krizy ara-pahefana (crise institutionnelle). Hatrany am-boalohany dia misy fahefana telo, mpanao lalàna sy mpanatanteraka ary mpitsara, eo amin'ny fitantanana ny firenena ka mahaleotena tanteraka ireo fahefana ireo. Taty aoriana dia niampy iray ireo dia ny fahefana fanaovan-gazety. Manana ny andraikiny sy ny fahefany tsy mahazo mifanitsaka ny fahefana tsirairay. Ny fahefana mpanao lalàna dia manara-maso ny fanatanterahan'ny fahefana mpanatanteraka ny andraikitra sy ny asa napetraka aminy. Ny fahefana mpitsara kosa dia tsy mahazo mandray baiko na mandray toromarika avy amin'ireo fahefana roa ireo. Ny zava-misy iainana eto Madagasikara dia ny fahefana mpanatanteraka no tompomarika amin' ny toe-draharaha rehetra, mifamototra ny andraikitra ka ny fahefana mpanara-maso indray no mangataka amin'ny mpanatanteraka. Araka izany dia fanjakana tsy tan-dalàna no misy eto amin'ity Firenena ity. Vokatra aterak'izany dia tsy voafehin'ny mpitondra intsony ny karazana krizy iainan'ny olompirenena tsy misy an-kanavaka. Iaraha-mahita ny krizy ara-tsosialy eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny asa ary ny tsy fahalemana. Eny amin'ny Anjerimanontolo dia tara lava ny fandraisan'ireo mpiasa ara-pitantanana sy ara-teknika (PAT) ny karamany, ka rehefa misy ny fitokonana vao mikoropaka ny minisitera mpiahy. Tsy nandray ny tambin-karamany nandritra ny taona maro ny mpitsara ny taratasim-panadinana kanefa ny eo misosoka ihany. Miparitaka ny diplaoma sandoka entin'olona mitady asa, ka tsy mazava intsony iza no tompon'antoka amin'izany. Tsy miafina ihany koa ny zava-manjo ireo mpiasa any amin'ireo orinasam-pirenena, Secren ohatra, izay tsy mandray karama efa amam-bolana maro. Tsy vitsy ireo mpiasa voaroaka amin'ny asany satria tsy mihodina ara-dalàna intsony ny orinasa niasany, ka very fanahy mbola velona izy ireny sady mampitombo isa ny mahantra sy tsy manan-kohanina indray. Tsy vitan'izay fa mikoroso fahana tsy ankijanona ny toekarem-pirenena, ka ny firenena nidedahana fa hampiana indray no manampy an'i Madagasikara. Vokatr'ireo krizy ireo dia tsy mandry fahalemana ny tany, ka manjaka ny asan-jiolahy sy ny fanafihan-dahalo, izay mandripaka mpiray tanindrazana amin'ny fomba feno habibiana. Vidin'izao fitondrana izao ny fitaovam-piadiana, hampitomboina ny isan'ny mpitandro ny filaminana, kanefa tsy ampiasaina amin'ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany ireny, fa entina manakana ny tsy ao anatin'ny fitondrana (mpanohitra), tsy hiditra ao amin'ny tanànany. Voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenana ny maha laika ny Fanjakana kanefa dia mitsabaka sy miandany amin'ny fiainam-piangonana hatramin'ny filohan'ny Repoblika, izay tsy nanaiky nanao fianihanana tamin'ny Baiboly tamin'ny nandraisany ny fahefana. Mahita ny tranga sy ny zava-misy rehetra eto Madagasikara ireo firenena sy vondrona iraisampirenena manana masoivoho eto, ka mbola nanala Baraka tena indray ny filohan'ny Repoblika raha nilaza fa tsy misy krizy eto Madagasikara. Tsy ny handrandrana indray no hanafenana ny loha sola ary tsy azo ekena ny manao ganagana tsy hari-nify nefa manakora saka banga.

***Andry Tsiavalona***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tanora FLM tsy nangataka nahazo 20 tapitrisa Ar Mpiasan'ny Secren mitaky ny karamany 9 volana tsy mahazo

**Srr René Sylvio:** diso adiresy lay solution ataony.

**Tsilikà Razafimamonjy:** SUN ABOVE ve?

**Falihery Ramanamiantra :** de gaga elà .

**Sitraka Patricia Andrianina :** malahelo an'ilay vola nomena ny FLM ve e ?

**Tiana Lalao :** Sitraka Patricia Andrianina : malahelo lay tsy nandray KARAMA 9 VOLANA !

**Nsp Copain :** lay SECREN , zany de omen'ny Fanjakana karama no antom-pisiany fa tsy mahavelontena ve?

**JB Nirina Raharison:** Nsp Copain: orinasam- panjakana io ary raharehan'ny firenena an, fa nopotehana.

**Zaka Maharo:** efa banky rompitra anie ny orinasa Secren, ka izany no mahatonga azy tsy mahaloa ny karaman'ny mpiasa intsony e. Potika sy fallite daholo anie ny orinasam-panjakana eto amintsika e: oh AiraMad, Jirama, Secren, Sirama, Lalamby, sns…

**Nsp Copain:** henjana ny hanarina an'io.

**Emile Randriahoarisoa:** ny fanontaniana mipetraka dia hoe iza no tompon'antoka nampikorosy io orinasa io.

**Lalanirina Irène Raveloson:** ka nandeha any avaratra Ravalomanana dia mba mandeha any avaratra ihany koa ve zany Rajoelina?

**Gerard Behevitra:** rahalahin'ny PM Ntsay no DG ao efa an-taona maro, ka heverina fa izy no anisan'ny responsable tamin'ny famotehana ity orinasa Secren ity.

**Kanto Andriantsoa:** efa ela tokoa no DG tao i Ntsay Abel, tsy afa-miala amin'ny fahapotehan'io orinasa io izy.

**Honoré Rakotoson:** propagandy sahady ny andRajoelina ny fanomezana 100 million ny tanora FLM tany Mahajanga, mbola hanome koa izao io amin'ny JMJ any Antsirabe. Fa ny olona rehetra manana olana amin'ny karamany tsy raharahiany. Tena filoha mpanavakavaka.

**Yolande Rasolonjatovo:** tena matahotra an-dRavalomanana mihitsy izao fitondrana izao, vao tonga tany Diego izy dia noravana ny telethon ny mpiasan'ny Secren, sao hanampy azy ireo ny filohan'ny antoko TIM.

**VOVONANA GASY LEO**

# Hampiasa ny fahefam-bahoaka raha tsy handray andraikitra ny olom-boafidy

Nanatitra taratasy mampahafantatra an'ireo fandikan-dalàna rehetra nataon'ny filoham-pirenena Rajoelina, sy ny mpiara miasa aminy tetsy amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena omaly maraina ny vovonana Gasy Leo. Nitety an'ireo biraon'ny filoha lefitry ny Antenimierampirenena etsy amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ny solontenan'ny vovonana Gasy Leo ary notolorana an'ity taratasy fampahafantarana ity avokoa ireo Sekreteran'ny Filoha lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny faritany miisa 6 manerana ny Nosy. Nilaza Andriamatoa Raherimampianina Nambinina, mpikambana ao amin'ny vovonana Gasy leo, fa manome fe-potoana an'ireo Solombavambahoaka ny vovonana Gay leo, mba hanao « Rappel à l'ordre » ny mpitondra fanjakana rehetra manoloana ny trangana fandikana lalàna velona, izay ataon'izy ireo ary raha sa-



*Ny avy amin'ny vovonana Gasy Leo teny Tsimbazaza.*

natria ka tsy mandray ny andraikiny ny olom-boafidy dia miray tetika sy miray petsapetsa amin'ny filohampirenena ireto farany amin'izao fahoriambahoaka izao. Nanohy fanazavana ity mpikambana ao amin' ny vovonana Gasy Leo ity, fa ny Solombavambahoaka no tokony hitsangana hanaitra ny mpanapa-kevitra manoloana ny fisian'ny fanitsakitsahana ny Lalampanorenana misy amin'izao fotoana izao ary raha tsy mandray ny andraikiny ireto farany dia hitsangana ny Vovonana Gasy Leo handray fepetra amin'ny fampiasana ny fahefam-bahoaka. Nilaza Andriamatoa Achim Kely, filoha lefitry ny Gasy Leo Faritany Mahajanga, fa manaitra ny fanjakana foibe ity farany hijery ny sosialim-bahoaka. Tsy manaja ny zon' olombelona ireo mpitondra ao Mahajanga, vokatr'izany maneho ny alahelony ny vahoaka any an-toerana, satria tsy misy asa ny tanora, no sady mirongatra manaraka izany tsy fandriampahalemana any an-toerana amin'izao fotoanaa izao. Nanohy fanazavana ity filoha lefitry ny vovonana Gasy Leo Faritany Mahajanga ity, fa raha tsy misy fivoarany ny toe-draharaham-pirenena any an-toerana dia tsy maintsy haverina amin' ny vahoaka ny fahefam-panjakana, homena ny mpitondra vaovao izay mahavaha ny olam-bahoaka. Tsiahivina fa efa mitsangana ireo filoha lefitra mitantana ny vovonana Gasy Leo eo anivon'ny Faritany 6 eto Madagasikara ary miezaka manaraka ny lalàna velona ny fitakiana izay ataon'izy ireo hatreto, araka ny nambarany.

***Franck Razakambelo***

## TONONKALO

### NY TAHOTRA NO LEHIBE INDRINDRA

Disodisokely indray aho ry vahoaka Malagasy.
Asa raha ny kajikajiko no tsaroako ho tsy mirindra,
Fa na hoe voavidiko aza ireo bebaoty sy bebasy,
Hay ny tahotra rey olona , io no lehibe indrindra !

Miaina anaty tahotra aho na hitako aza sady tsapako
F`efa tena nohatevenina ireo natao hiaro ny aiko.
Tena tebiteby lava no iainako ao an-dapako.
Tahotra ny hoe hianjera no mibahana ato an-tsaiko !

Izay mihetsika rehetra toa mampihovitra ny foko.
(Tsy mba misy maminy amiko ny tontolo izay jerena !)
Ny mamiratra omaly , lasa tena niova loko.
Tonga matroka tanteraka , zary toa mahasorena !

… Hay ilay seza izay niriko , ilay nalaiko tamin-kery
Sy tsy tamim-pomba mendrika dia sy mitera-piadanana.
Tonga saina tampoka aho ka lasa te hiteny irery.
(Toy ny olona efa adala sy efa toa ondranondranana !)

***IRINA HO TAFITA (09-08-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Ny filohan'ny FJKM, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ami, sy ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny fiofanan'ireo Dôrkasy FJKM manerana ny Nosy, tany Ramena Antsiranana II, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity.**

















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


L. William, Helisoa

Nosakanan'ny mpitandro ny filaminana ny fidirana tany amin'ny Magro Antsiranana faritra Diana, omaly.











Ny avy amin'ny Gasy Leo, nanatitra taratasy teny amin'ny Antenimierampirenena Tsimbazaza, omaly.





MPANAKANTO « TIGAH »

# Manabe voho ny mozika hatrany

Ny mozika rap sy ny mozikan'ny Tanàndehibe « Musique urbaine ». Ireo no toy ny anjomara mafy nanaitra ny fitiavan'i Tigah ny mozika, tany amin'ny taona 2005, koa nahatonga azy niditra lalina tamin'ny fikirakirana niampy fandalinana hatrany ny manodidina ny habaky ny zavakanto an-kira sy mozika. Tsy nitsaha-nitombo an-dalana tahaka ny Dian'andriana izany taty aoriana kely, ka roboka niangaly ny « vazo miteny » ihany koa ny tovolahy. Ity farany izay Zanaky ny Tanànan'ny Tangainony, anisan'ireo Tanàna ambanivohitra, mandrafitra an'i Farafangana ary naha lehibe an'i Tigah.



*Tigah, feno fahavononana hanabe voho ny Mozika.*

Ny taona 2015 no tapakevitra i Tigah, fa ifototra tanteraka amin'ny famolahana sy fitrandrahana ny mozika trôpikaly toy ny « Soukouss », « Sud af » ary hanandratra ny « Batrelaky » izay gadona sy fomba fandihy nentim-paharazana mampiavaka ny faritra atsimo atsinanana iny. Mampiavaka ny « Batrelaky » iangalian'i Tigah ny fitondrana fanatsarana tamin'ny alalan'ny fampiasana ireo zavamaneno vahiny tahaka ny vatamaroafitsoka, aponga maroanaka, gitara. Tsy manimba na manova ny « fanahy » raiketin'ny « Batrelaky » izany, hoy i Tigah fa vao mainka aza mampitombo kokoa ny fitiavan'ireo mpankafy azy.

Ireo trangam-piainana andavanandro eny anivompiaraha-monina no tefen'i Tigah hanana endrika kanto, ka hanjary tononkira mirakitra hafatra miendrika fanabeazana sahaza ho an'ireo rehetra « Liankanto » mipariaka manerana an'i Gasikara. Anisan'ireo hira nahafantarana an'i Tigah ny « Rakabotsy » voarindra tamin'ny gadona Mangaliba ary hahenoana feo miventy eny an-tsefatsefany eny sy ny « Afeta » ary vao tsy ela akory no namoaka ny « Artiste tsy afaka » ny tovolahy. Marihana fa manajary « Hira ara-pilazantsara » i Tigah ary mahafehy ny fitendrena kabôsy ihany koa.

Tsy nijanona tamin'ny fiangaliana ny mozika i Tigah, fa efa manana ny « Teng's prod » izay miezaka mampahafantatra ireo zandry kely manantalenta any Farafangana amin'ny alalan'ny fanatanterahana seho sy fitetezam-paritra. Tanjon'i Tigah ny hanatontosa « Festival » goavana isan-taona any an-toerana, ho fampiroboroboana ny mozika ao Farafangana sy ny manodidina. Malalaka amin'ny fiaraha-miasa sy ny fifanomezan-tanana ny tovolahy.

**Lalasoa Razafindrakoto**

CNRO Nosy-Be

# Manao fikarohana momba ny ala honko any Antsohihy

Manao fikarohana momba ny ala honko any Antsohihy faritra Sofia, ireo manam-pahaizana avy amin'ny CNRO, na ny foibe momba ny fikarohana an-dranomasina avy any Nosy-Be. Tonga any amin'ny Faritra Sofia ireo delegasionina avy amin'ny ivon-toerana Nasiônaly momba ny fikarohana an-dranomasina, izay tarihan'ny chef département sciences océanographique Lope Jean Charles, hanao fikarohana momba ny ala honko. Aorian' izao fanadihadina izao dia hisy "projet" n tetikasa hapetraka hoentina hantsarana ny ala honko, izay efa hita fa miha-simba ankehitriny. Haharitra 15 andro ny fikarohana ataon'izy ireo any amin'ny Faritra Sofia izao. Izany tetikasa izany dia iarahan'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy fandrosona lovain-jafy, ny Ministeran'ny jono sy ny toekarena manga ary ny Ministeran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana aratsiansa. Misy ny fifandraisan'ny ala honko sy ny zavamananaina ao anatiny, izay antoky ny fandrosoana lovain-jafy.

***Aly***



*Fikarohana momba ny ala honko any Antsohihy.*

Rallye du Boeny andiany faha-16

# Ny Go Janga manokana no mikarakara azy

Ho tontosaina any Mahajanga toy ny mahazatra, amin' ny 12,13 ary 14 aogositra 2022, ny fifaninanana fanamoriana fiarakodia "Rallye du Boeny 16e édition", ka amin'ity indray mitoraka ity dia ny Team Go Janga irery, miaraka amin'ny fanotronan'ireo mpiara-miombon' antoka marobe tarihan'ny T2R "Team Raharinosy Racin" sy ny "Région Boeny" ary ny Jovena no hikaraka an'izany. Hahatratra 230 km ny totalin'ny halaviran-dalana ho diavin'ireo mpifaninanana amin'ity rallye ity, ka mahatratra 17 mirefy 126 km ny dingana manokana ho sedraina ao anatiny. Tafiditra ao anatin'ny dingana faha-4 amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara amin'ny rallye 2022 ity fifaninanana ity.



*Rallye vacances 2022.*

Hampiavaka azy ny famerenana indray ny « ES de nuit », ka ny ES4 hampitohy an'Ampitolova sy Vitogaz mirefy 4,33 km no hanatanterahana an'izany. Mba hisorohana ny mety ho fiverenan'ny zava-nitranga tamin'ny rallye farany, notontosaina teny Andranovelona dia hametraka «caméras de surveillance » ao amin'ny « parc fermé » an'ity fifaninanana ity ny mpikarakara. Hatramin'ny faran'ny herinandro lasa teo dia fantatra fa mahatratra ekipazy 33 no handray anjara amin'ity rallye du Boeny ity, ka ao anatin'izay ireo ekipazin'ny Team Go Janga ampolony tarihan'ny filohany Rabesaotra Mickaël hitondra BMW E30.

***Rainilita***

Afrobasket U18 vehivavy

# Tafakatra amin'ny ½-dalana ny Ankoay Madagasikara

Nampitsanga-mitoetra ny lalao basket-ball: Afrobasket U18 vehivavy tany Antsirabe faritra Vakinankaratra omaly, teo amin' ny lalao ¼-dalan'ity fifa-ninanana Afrikana ity. Niady ny lalao teo amin' ny zazavavy Malagasy sy ny Tanzaniana, ety dia ety hatrany ny isa teny amin' ny tabilao nandritra izany lalao izany, hatramin'ny fiafaran'ny lalao, nahatontosana ireo ampaham-potoana miisa 4 nanaovana izany lalao izany. Tany amin'ny minitra farany no nahatafavoaka ny Ankoay Madagasikara, nanilika an'i Tanzania tamin'ny isa 61 no ho 58. Teo amin'ny sokajy zazalahy kosa, i Guinee no nikatroka tamin'ny Ankoay Madagasikara teo amin'ny lalao ¼-dalana omaly.

***Lita***




*Ny hafaliana teo amin'ny Ankoay vehivavy teo amin'ny fifaranan'ny lalao omaly, tany Vatofotsy Antsirabe.*

CAN BEACH SOCCER 2022

# Tafita ho any Môzambika ny Barea Beach Soccer Malagasy

Taorian'ireo fandresena roa (2) azony nanoloana an'i Seychelles dia tafita avy hatrany amin'ny CAN Mozambique 2022 ny BAREA Beach Soccer, ho tanterahina amin'ny 21 hatramin'ny 30 ôktôbra ho avy izao izany fifaninanana izany. Noraisin'ny fitondram-panjakana sy noharahabainy tany Mahajanga tamin'ny 9 aogositra 2022 teo izy ireo, ka notolorana fankasitrahana manokana. Mbola nampanantenaina fanampiana hanomanana an'izany dingana famaranana ho atrehana izany izy ireo ary koa tosika ho an'ireo mpilalao tsirairay, ho fiomanan' izy ireo na ara-batana na ara-tsaina mandrapahatongan'ny CAN Mozambique 2022, izay ho atao ny volana Oktôbra izao.



*Barea Beach Soccer 2022.*

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**06/08/2022 hatramin'ny 13/08/2022**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1330-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### AMBASADAORON'I ETAZONIA

# Nijery ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny haintany tany Atsimo

Sambany nitsidika ny faritra atsimon'i Madagasikara, izay tratry ny haintany sy ny tsy fanjarian-tsakafo ny Ambasadaoro Amerikana eto Madagasikara Claire Pierangelo. Nanamafy ny fanohanan'i Etazonia ny fampihenana ny tsy fanjariantsakafo sy ny fanamafisana ny fahaiza-miatrika na "résilience" ny Ambasadaoro amerikana vaovao. Nandritra ny herinandro voalohan'ny volana aogositra dia nitsidika ny faritra Atsimon'i Madagasikara, izay tratry ny haintany ny Ambasadaoro amerikanina Claire A. Pierangelo. Nihaona tamin'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny faritra, ireo mpanome tolotra ara-pahasalamana, ireo manampahaizana manokana momba ny fanjariantsakafo ary ireo mpahazo tombontsoa ny Ambasadaoro. Teny ifotony ihany koa no nahitany mivantana ny vokatsoa nateraky ny fanohanan'ny governementa amerikana ny mponina eny an-toerana, tamin'ny alalan'ny fomba fambolena manaraka ny fivoaran'ny toetrandro ary koa ny fotodrafitrasa maro samihafa mariky ny ezaka fampandrosoana aratoekarena. Nandritra ny fitsidihana izay naharitra 5 andro, ny Ambasadaoro Pierangelo dia nanatri-maso ny fiantraikan'ny fikorontanan'ny toetrandro amin'ny mponina eny ifotony, sy ny maha-zava-dehibe ny fanohanan'i Etazonia, amin'ny alàlan' ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), ny fanjariantsakafo any Atsimo, izay iarahana miasa miaraka amin'ny Firenena Mikambana, ny ONG na fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ary ny Governemanta Malagasy. Amin'ny alalan'ireo fiarahamiasa ireo, ny fandaharanasa tohanan'ny USAID dia manome sakafo ho an'ireo izay marefo indrindra, manatsara ny tolotra ara-pahasalamana, manitatra ny fivelomana, ary miaro ny biby sy zavamaniry atahorana ho lany tamingana.

### Fototry ny fahantrana

"Ny governemanta amerikana dia manolo-tena bebe kokoa amin'ny fampihenana ny fahantrana, ny hanoanana ary ny tsy fanjariantsakafo eto Madagasikara", hoy ny Ambasadaoro Pierangelo taorian'ny fitsidihana izay nataony. "Nandritra ity dia ity no nahitako fomba vaovao sy mahomby hamahana ny fototry ny fahantrana sy ireo olana maro samihafa mety aterak 'izany." Tao amin'ny Distrikan'Ampanihy ny alatsinainy lasa teo, dia nihaona tamin'ireo mpanome tolotra ara-pahasalamana sy mpilatsaka an-tsitrapo, ho an'ny fahasalamam-bahoaka ny Ambasadaoro Pierangelo. Noresahana nandritra izany ny fiofanana notohanan'ny USAID, izay nanampy azy ireo hanome tolotra tsara kokoa momba ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ny sakafo ary ny fisorohana ny tazomoka eny an-toerana. Tao Tanambao, ao amin' ny Distrikan'i Beloha, teo amin' ny toerana fanarahamaso ny fitomboan'ny zaza latsaky ny dimy taona izay tohanan'ny USAID, dia nitondra ny zanany ny renim-pianakaviana, mba hotiliana amin'ny tsy fanjariantsakafo. Nanatrika fiofanana ihany koa izy ireo momba ny fikarakarana sakafo be otrikaina, ho an'ny fianakaviana arakaraka ny karazan-tsakafo misy eny an-toerana. Renim-pianakaviana iray teny an-toerana antsoina hoe Mboae no nitantara fa voatily ho tsy ampy sakafo sy tsy ampy lanja ny zanany vavy, efa ho enim-bolana lasa izay, ka nomena karazan-tsakafo fanampiny natokana ho an'ny zaza tsy ampy lanja ilay zaza ho fitsaboana azy, ankoatra ny sakafo efa mahazatra azy. "Nandritra ny fanarahamaso natao anio," hoy izy tamin' ny Ambasadaoro, "dia nolazaina tamiko androany fa sitrana tanteraka ny zanako vavy."

### Sarotra nahitana rano


Tao amin'ny fokontany Vohibola ao amin'ny Distrikan'i Beloha ihany koa, no nahitan'ny Ambasadaoro Pierangelo ny fomba nanomezan'ny USAID masomboly sy ny nametrahana rano fisotro ary fitaovana fanondrahana ho an'ny tokantrano mpamboly. Rehefa nihaona tamin'ny mponina izy, dia nahare ny nahafahan'ity teknolojia vaovao ity nanampy azy ireo hiatrika ny hain-tany. "Sarotra nahitana rano teto an-tanànanay ary tena tsy afaka nanondraka ny voliko firy aho," hoy i Tavesoae , renim-pianakaviana manan-janaka valo izay manana zaridaina fambolen'anana misitraka ny famatsian-drano vaovao izay namboarina teo akaikin'ny tranony. "Nanome masomboly sy rano ho an'ny voliko ilay fandaharanasa ary ny legioma isankarazany amboleko ankehitriny dia manampy ny fianakaviako ho salama sy ho ampy sakafo." Nihaona tamin'ireo mpanjono monina manodidina ny morontsirak'i Lavanono ao amin'ny Distrikan'i Beloha ihany koa ny Ambasadaoro ary ny jono no hany asa fivelomana eny antoerana. Nandritra izany no nahafantaran'ny Ambasadaoro ny fomba nanampian'i Etazonia an'ity vondrom-piarahamonina ity amin'ny fananganana vondrona mpitahiry sy mpifampidram-bola hanatsarana ny fahefa-mividy sy hanangonana sy hampiasana ireo vola azon'izy ireo. Ireo vondrona ireo dia nanampy ihany koa ny vehivavy hanao asa fampidiram-bola ankoatra ny jono. Tany amin'ny Distrikan'Ambovombe dia nitsidika ireo mpikambana ao amin' ny fikambanan'ny tantsaha mpamboly vomanga tohanan' ny USAID ny Ambasadaoro Pierangelo. Tao no nanandramany karazan-tsakafo vita amin' ny vomanga miaty volom-boasary, be otrikaina sy mahatanty ny fiovan'ny toetrandro. Nohazavain'ireo mpikambana ao amin'ny fikambanana fa tena nitondra fiovana lehibe teo amin' ny fanatsarana ny toekaren'ny faritra sy ny fahasalaman'ny fianakaviana eo an-toerana ny fampidirana ny vomanga be vitaminina A sy mora ambolena. Atahorana ho lany tamingana Ny Ambasadaoro Pierangelo koa dia nitsidika ny toerana ao Mahavelo izay namonjen'ny Turtle Alliance Survival (TSA) ireo sokatra aman'arivony atahorana ho lany tamingana ary nogiazana taorian'ny saika nanondranana azy ireo tany ivelany.

*Aly*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 402**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0401)

**Mitsivalana**
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

**Mitsangana**
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 402




**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

### Valiny Teny mifanaraka 0401

**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa – Enina **3.** Ody – Ota – Zo **4.** Nino – Mav(o) **5.** Dago – Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) – Raràn(a) **8.** Orana – Ana **9.** Akaton – Ry (miv) **10.** Sa – Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro – As **B.** Modia – Aoka **D.** Paingotra **E.** OO – Aato **F.** Leo – Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia – Ana – Ar **I.** No (miv) – Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

## NY TENY FIAINANA

*Ary Adonia namono ondry aman'osy sy omby ary zanak'omby mifahy teo anilan'ny vato Zoheleta tanilan'i En-rogela, ka nanasa ny rahalahiny zanakalahin'ny mpanjaka rehetra sy ny lehilahy rehetra amin'ny Joda, mpanompon'ny mpanjaka.*

***I Mpanjaka 1:9***

**AFROBASKET U18, 2022**

# Tafita tamin’ny dingana 1/4-dalana ireo Ankoay Malagasy



*Mpijery ny Afrobasket U18.*

Na dia samy resy avokoa aza ireo ekipa Ankoay lehilahy sy vehivavy tamin’ny lalao nataony avy, tamin’ny alatsinainy 8 aogositra 2022, ny Ankoay vehivavy lavon’i Mali tamin’ny isa 87 -40 ary ny Ankoay lehilahy kosa dia resin’i Sénégal tamin’ny isa 70 – 62, dia samy tafita niatrika ny lalao 1/4-dalana notontosaina omaly alarobia 10 aogositra avokoa izy ireo. Tamin’ireo lalao 2 voalohany natrehan’izy ireo avy kosa, teto Antananarivo ny Ankoay U18 lehilahy dia nandresy ny Béninois « 102 - 41 », sy nandresy ny Algérien 76 – 59. Tany Antsirabe kosa ny Ankoay U18 vehivavy dia resin’i Ouganda « 54 – 59 »ary nandresy an’i Algérie «59 - 43». Raha ny fanarahana an’ ireo fihaonana rehetra amin’ity fifaninanana ity no resahina dia azo hambara, fa misy ireo ekipa zakan’ny Ankoay Malagasy tanteraka, fa misy ihany anefa ny ekipa efa tena manana traikefa ambony dia ambony (indrindra eo amin’ny sokajy vehivavy), ka manahirana ny Ankoay mihitsy ny mifanandrina amin’izy ireo. Na izany na tsy izany anefa dia ambony hatrany ny “morale”, ho an’ireo mpilalao Malagasy amin’ ny fiatrehana an’ity fifaninanana ity ary manohana azy ireo tanteraka ihany koa ny mpijery basikety Malagasy amin’ ny ankapobeny.

***Rainilita***

**Fifanintsanana CHAN 2022**

# Tafita amin’ny dingana manaraka ny Barea fa…



*Barea Chan 2022.*

Lavon’ny Barea Chan Malagasy amin’ny baolina kitra, tamin’ny isa 3-0 tamin’ny alahady 31 jolay 2022 tamin’ny lalao miverina notontosaina tetsy amin’ny kianja Barea Mahamasina ny Pirates Seychellois, ka tafita amin’ny dingana manaraka amin’ ity fifanintsanana CHAN 2022 ity izy ireo. I Botswana no hifanandrina amin’ny amin’izany dingana izany (26 hatramin’ny 28 aogositra ny lalao mandroso any Botswana ary amin’ny 2 hatamin’ny 4 septambra 2022 ny lalao miverina eto Madagasikara).

Mbola misy ny indro kely tsy maintsy harenina, hoan’ireo mpilalaon’ny Barea Chan Malagasy dia ny tsy tokony hisian’ny baolina misavoan-danitra, dakana eo amin’ny manodidina ny 10 m manoloana ny haraton’ny mpifanandrina ary tokony hianatra hitifibaolina alavitra avokoa ireo mpilalao rehetra tsy ankanavaka, na dia ireo mpilalao aty amin’ ny vodilaharana aza.

***Rainilita***

**Club 3FA Avaradrano**

# Raikitra ny lanonam-pankalazana ny faha-30 taona



*Harison Philibert filohan’ny 3FA Avaradrano.*

Raikitra ny fankalazana ny jôbily faha-30 taonan’ny Club 3FA Avaradrano eo amin’ny baolina kitra. Tanteraka an-tsakany sy an-davany tamin’ny sabotsy 06 aogositra 2022 lasa teo, teny tao amin’ny chapelle FOFIKRI Ankadikely Ilafy, ny fiaraha-mivavaka nentina nanokafana an’izany tamin’ ny fomba ôfisialy. Tonga niara-niombom-bavaka tamin’ity klioba ity ny Ben’ ny Tanànan’ Ankadikely sy ny Ben’ny Tanànan’i Sabotsy Namehana ary ny solontenan’ireo klioba niara-niasa sy nanohana ny 3FA hatrany, nandritra izay fotoana lava izay. Tontosa tamin’ny alahady 07 aogositra 2022 ny fizaram-bondrona amin’ny fifaninanana « Foot à 11 MAFY BE OPEN », ho an’ny sokajy sénior lehilahy, izay hanomboka amin’ny sabotsy 13 aogositra ka hatramin’ny alatsinainy 15 aogositra 2022 ho avy izao, eo amin’ny kianjan’ny kaominina Ankadikely ao anatin’izany fankalazana izany.

VONDRONA A : Btf Ambohitrarahaba, Lfc Ankadikely, Hamme r, Jsa Antanety Ankadikely,

VONDRONA B : Slk Ankadikely, Soldat Antananadrano, Fcm Manjaka, 3fa Avaradrano senior,

VONDRONA C : Tfc Sab/Nam, Ravinala Ambatomitsangana, Irfc Ilafy, Ufa Sab/Nam,

VONDRONA D : Taratra Ambohitrarahaba, Jahboady mena Ambohitrarahaba, Fandrefiala Ilafy, Soldat Sab/Nam,

VONDRONA E : Fc kanto Amboditsiry, 3fa Avaradrano véteran, Leopard Ambohipanja.

FANDAHARAM-POTOANA : sabotsy 13 aogositra 2022 : fifanintsanana isam-bondrona ho an’ny VONDRONA B, C, D. Hanomboka amin’ny 07 ora maraina ny « contrôle », Alahady 14 aogositra 2022 :maraina ny fifanintsanana isam-bondrona ho an’ny VONDRONA A sy E. Hanomboka amin’ny 07 ora maraina ny «contrôle», Alahady 14 aogositra 2022 : hanomboka amin’ny 01 ora ny lalao 1/8-ndalana, Alatsinainy 15 aogositra 2022 : lalao 1/4-dalana hatramin’ny lalao famaranana.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




**Henomby sy anana petsay** indray, no laoka amin’ ny Sakafo eto amin’ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na atao rony. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo sakafo tsara ho an'ny olona manana tosi-drà avo

Ireo sakafo tsara ho an'ny olona manana tosi-drà avo indray, no Mahasoa eto amin’ny gazetinao androany: akondro , pastèque , kiwi , fraise , voasarimakirana, voasary, zavokà, paoma. Tongolo gasy , tamotamo , cannelle , clou de girofle , sakamalao. Broccoli, salady , concombre , celeri , epinard , betterave, tomate na voatabia , margose , persil , karaoty, kotomila , laisoa, voatavo na tsirebika , courgette , haricot vert , poivron. Atody. Trondro saumon , sardine. Voanjo. Voana voatavo , voana tournesol. Dite maitso. Voamaina lentille.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan’i Vohitsara any amin’ny distrikan’Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan’i Vohitsara any amin’ny distrikan’Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vohitsara ity tanàna ity, iray amin’ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan’Amparafaravola. Any avaratra afovoan’ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy, satria 756 m ny haavony miohatra amin’ny ranomasina. Vokatra any Vohitsara ny vary, ny anana isan-karazany.

